**A Ny finoan'i Kaleba:**

- **Manatanteraka izay toa tsy azo tanterahina.**
  - Midika hoe "alika" ny anarana hoe "Kaleba". Araka izay nanehon'ny fiainany azy dia tsy teny manambany no nitondrany an'io anarana io, fa noho ny fahatokiany tsy voahozongozona. Nahatoky izy raha nivadika kosa ny hafa. Nijoro mahatoky tamin'Andriamanitra izy, raha niodina kosa ny hafa.
  - Tany amin'ny toerana nahitan'ny mpisafo tany folo tanàna tsy azo resena, sy ireo goavam-be tsy azo resena, dia nahita ireo tanàna resy i Kaleba ary "nohanina toy ny mofo" ny olona goavam-be (Nom. 13:28–33; 14:6–9).
  - Nitana ny heviny hatrany izy, niaraka tamin'i Josoa (izay mbola zandriny), na dia efa hitora-bato azy aza ny vahoaka (Nom. 14:10).
  - Mampahery antsika hijoro mahatoky amin'Andriamanitra, Izay afaka manatanteraka izay toa tsy azo tanterahina, ny ohatra nomeny.
- **Finoana miasa.**
  - Araka ny voalazan'i Kaleba mihitsy, rehefa nangataka tatitra i Mosesy, dia "niverina aho nitondra teny taminy araka izay tao am-poko" (Jos. 14:7), ary "izaho kosa dia tanteraka tamin'ny fanarahana an'i Jehovah Andriamanitro" (Jos. 14:8). Noho ny fahatokiany, dia nomena toky izy fa handova ny tany izay nodiavin'ny tongony tamin'izy nisafo tany (Jos. 14:9).
  - 40 taona i Kaleba raha nirahina hisafo tany izy. Zokiolona 85 taona izao izy, dimy taona aty aorian'ny famaboana ny tany (Jos. 14:10). Mbola natanjaka toy ny tamin'izany ihany ny vatany sy ny sainy, ary ny fisainany dia tsy niova (Jos. 14:11).
  - Tonga ny fotoana hitakiana ny teny fikasana sy hanaporofoana fa tsy foana ny teniny. Noho ny fanampian'Andriamanitra, dia nandroaka ny Anakita izy sy namabo ny tanànany (Jos. 14:12-14).
- **Mamindra ny fanilo.**
  - Rehefa azon'i Kaleba ny anjara tany izay azy ara-dalana, dia nihevitra ny amin'ny lova havelany izy. Mbola hitoky amin'Andriamanitra toa azy ve ny taranany?
  - Efa noporofoiny fa azo itokiana Andriamanitra. Izao izy dia mitady olona mitovy finoana aminy, mba hahafahany mampita ny fanilo aminy.
  - Noho izany antony izany no nanolorany ny zanany vavy ho vadin'izay hamely sy hahafaka an'i Kiriata-sefera, izay antsoina koa hoe Debira (Jos. 15:15–16).
  - Ny zana-drahalahiny, Otniela, no lehilahy mahery nahafaka ny tanàna, ka nanjary mpitsara voalohany teo amin'ny Isiraely (Jos. 15:17; Mpitsara 3:9-11).
  - Rehefa nanambady an'i Aksa, zanakavavin'i Kaleba izy, dia nitaky tamin'ny rainy hamela azy hanitatra ny faritaniny (Jos. 15:18-19), ka tamin'izany no nanaporofoany ny maha-mendrika azy ho mpandova an'i Kaleba.

**B Ny finoan'i Josoa.**

- Nofidin'i Mosesy ho mpanampy azy i Josoa fony izy mbola zatovo. Voaporofony fa mpankato, be herim-po, mahatoky, mpanampy, ary tia ny zavatr'Andriamanitra izy (Eks. 33:11).
- Rehefa tonga ny fotoana hitakiana ny faritaniny, dia niandry izy mandra-pahazoan'ny foko rehetra ny lovany, ka nifidy "ny anjara sisa tavela" [Timnata-sera] (Jos. 19:50), tanàna teo akaikin'i Silo, izay nanorenana ny fitoerana masina.
- Avy amin'ny tantarany no ianarantsika fa:
  - Ny finoana dia tsy manao tsinontsinona ny zava-misy: mitondra fomba fijery hafa fotsiny izy
  - Antsoina hatoky sy hanaiky ny drafitr'Andriamanitra isika, fa tsy himonomonona
  - Ho an'izay mitoetra tanteraka ao amin'Andriamanitra ny fitahiana
  - Tsy maintsy iainana amin'ny lafiny rehetra, araka ny drafitra napetrak'Andriamanitra ny fiainana
  - Tsara indrindra ny mitoetra eo akaiky an'Andriamanitra (Sal. 84:10)

**D Ahoana no hananana finoana.**

- Manasa antsika ny Baiboly mba handinika ny ohatr'ireo mahery fo an'ny finoana, ary indrindra hifantoka amin'i Jesosy, Ilay ohatra ambony indrindra (Heb. 12:1-2).
- Amin'ny fandalinana ny fiainan'ny olon'ny finoana toa an'i Kaleba sy i Josoa, no ianarantsika hitoky amin'Andriamanitra tahaka ny nataon'izy ireo; hanetry tena tahaka azy ireo; hijoro vavolombelon'ny fahamarinana amin-kerim-po, toy ny nataon'izy ireo.
- Ahoana anefa no hiovantsika? Mazava ny Baiboly: amin'ny famelana ny Fanahy Masina hiasa ao anatintsika (2 Kor. 3:18). Asa tsy miato izany. Tsy maintsy misafidy ny hovana isika ary miasa toa an'i Kaleba. Antsoina ho fanatitra velona ho an'Andriamanitra isika (Rom. 12:1-2).